Fikaonandoham-pirenena 3

**Tsy azo ihodivirana raha tena misy ny fitiavan-tanindrazana**

Fiadidiana ny Repoblika 6

**Voadaka tsy ho talen'ny serasera i Soatiana**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Filoha Ravalomanana 2

**Vonona hanarina ny firenena latsaka anaty fahantrana lalina**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto



Alakamisy 7 aprily 2022 Laharana 1283 Vidiny : 400 Ar


Nidonan-tsetroka koa ny tetsy Ampefiloha 6

# Nitaky ny vatsim-pianarany 5 volana tsy voaloa ny ENS



Fanondranana antsokosoko andramena 2

# Tantara mitohy ny an'i Fanirisoa sy Ravatomanga





Eric Rabesandratana sy ny PSG 5

# Hanangana PSG Académie eto Madagasikara







Mpanao gazety Ony Rambelo 6

# Marary mila tolo-tanana



Vazahabe sy Ravatomanga 7

**Izy ireo ihany no namoaka tsy sazoka ny tokony nafenina**

Maroantsetra Analanjirofo 3

**Nanao fameloma-maso ny antoko TIM**


**Daka kely**

Misy défilé de mode mihitsy izany ao an-dapa ao ry Boaikely a !

FANONDRANANA ANTSOKOSOKO ANDRAMENA

# Tantara mitohy ny an'i Fanirisoa sy Ravatomanga

Tantara mitohy ny an'i Fanirisoa Ernaivo sy ny mpandraharaha Mamy Ravatomanga, mahakasika ny resaka fanondranana antsokosoko andramena avy eto Madagasikara. Manamafy i Fanirisoa fa nanondrana antsokosoko andramena tokoa I Mamy Ravatomanga tamin'ny alalan'ny orinasany. Aoka tsy hamafazana lainga ny Malagasy hoy ity mpitsara filohan'ny SMM teo aloha ity. Milaza izy fa fikambanana tsy miankina amin' ny fanjakana iraisam-pirenena no miara-miasa aminy akaiky momba ity raharaha ity. Nambarany fa hita ao amin'ny rohy: https://cdn.globalwitness.org/.../mada_report_261010.pdf ny mahakasika ity fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena ity. Hoy indrindra i Fanirisoa: "aleo ary hivoaka amin' izay itony karazana investigation itony, ary miomana isika fa tsy journaliste Lagazette na Viva mitavozavoza, fa ONG Amerikana sy Anglisy no miara-miasa aminay izao.


Investigation Into the Global Trade in Malagasy Precious Woods:
Rosewood, Ebony and Pallisander

October 2010

CONDUCTED BY
Global Witness and the Environmental Investigation Agency, Inc. (US)

IN COOPERATION WITH
Madagascar National Parks, the National Environment and Forest Observatory and the Forest Administration of Madagascar

© Environmental Investigation Agency and Global Witness, 2010. No part of this publication may be reproduced in any form by any means without permission in writing from EIA or Global Witness. EIA and Global Witness are solely and entirely responsible for the contents of this report.

Cover photo © Toby Smith/EIA/Global Witness

Acknowledgements
Global Witness and EIA would like to acknowledge the support received by the German-Malagasy Cooperation, as well as the JMG Foundation.

Table of Contents

| | |
|---|---|
| EXECUTIVE SUMMARY | 4 |
| INTRODUCTION | 6 |
| METHODOLOGY | 7 |
| RECENT STATUTORY AND TRADE DEVELOPMENTS | 8 |
| New legislation | 8 |
| Convention on International Trade in Endangered Species | 8 |
| US Lacey Act enforcement action | 8 |
| US House of Representatives resolution on illegal logging in Madagascar | 9 |
| UNESCO World Heritage "in danger" listing | 9 |
| TRADE FLOWS I: SOURCING, MANUFACTURING AND RETAIL SALES IN CHINA | 10 |
| Import-export links with Madagascar | 10 |
| Manufacturing | 10 |
| Retail markets | 11 |
| TRADE FLOWS II: US AND EU RETAIL TRADE IN MALAGASY PRECIOUS WOOD | 12 |
| Rosewood retail sales in the United States | 12 |
| Rosewood retail sales in the European Union | 13 |
| INTERNATIONAL ACTORS INVOLVED IN PRECIOUS WOODS TRADE | 14 |
| Shipping companies | 14 |
| CONDITIONS IN MADAGASCAR FOR THE CONTROL OF ILLEGALLY HARVESTED WOOD | 15 |
| Expected trends in sourcing of precious woods | 15 |
| CONCLUSIONS OF FINDINGS | 16 |
| RECOMMENDATIONS FROM THE SECOND PHASE OF GLOBAL WITNESS/EIA INVESTIGATION | 17 |
| RECOMMENDATIONS FROM THE FIRST PHASE OF GLOBAL WITNESS/EIA INVESTIGATION (NOVEMBER 2009) | 18 |


ACRONYMS

| | |
|---|---|
| CITES | Convention on International Trade in Endangered Species |
| FWS | US Fish & Wildlife Service |
| ICE | US Immigration and Customs Enforcement |
| MEF | Ministère de l'Environnement et des Forêts ; Ministry of the Environment and Forests |
| MNP | Madagascar National Parks |

ANNEXES

| | | |
|---|---|---|
| 1. | Executive Summary of Investigations of Illegal Logging in Sava, Madagascar (November 2009) | 21 |
| 2. | The 13 operators officially recognized as dealing in precious wood as listed in Inter-ministerial Order 003/2009 | 22 |
| 3. | Decree 2010-141 | 23 |
| 4. | Letter of Minister of the Environment and Forests to CITES Secretariat | 26 |
| 5. | List of Chinese companies named as recipient (destinataire) of shipments | 27 |
| 6. | Open Letter to Shipping company Delmas | 28 |
| 7. | Delmas response to EIA and Global Witness | 30 |

*Santionan'ny lazain'i Fanirisoa fa porofo.*




*Santionan'ny lazain'i Mamy Ravatomanga fa porofo.*

Sao hoe hosamborina dia hotapenam-bava, koa asaina mifona sy manao rétractation ohatran'ny fanaonareo. Aoka izay ilay famafazana lainga, fa leo sady reraka ny vahoaka nampandohalianareo teo hatramin'izao", hoy izy.

**Maminiaina Ravatomanga**

Manana ny ambarany koa ny mpandraharaha Mamy Ravatomanga momba ity raharaha ity:"miantso antsika rehetra ho tony. Nilaza aho, fa tsy voakasik' izany resaka fanon- dranana hazo sarobidy izany, ary hamafisiko ny teniko. Misy milaza fa manana porofo amin'izany, kanefa taratasy hosoka izany. Maro ny porofo manambara fa hosoka io taratasy arantirantin'olona fatrampanenjika io, raha tsy hilaza fotsiny fa eo amin'io taratasy io dia misoratra fa : Port of receipt (seranana ahatongavan' ny entana) = TAMATAVE. Port of loading (seranana andefasana ny entana) = YANGZOU. Io taratasy lazaina fa "porofo" io izany dia milaza fa miainga avy any Chine ilay entana, ka tonga ao Toamasina. Ataoko eto ihany koa ireo antontan-taratasy ofisialy manaporofo, fa ilménite io entana io, fa tsy hazo sarobidy velively. Ny marina marina hatrany, ka aoka isika tsy ho voafandriky ny mpanakorontana", hoy izy. Mahakasika ity raharaha ity: hitsikitsika tsy mandihindihy foana fa ao raha, ary matoa i Mamy Ravatomanga niakatra televiziôna 3 be izao ny herinandro lasa teo, efa tena mamay ny raharaha, ka ho hitantsika eo ihany izay hiafarany.

**Ny Valosoa**

Ny Valosoa sy fakafaka

## Fitantanam-pirenena

## Mitohy mifampiaro amin'ny ratsy ny mpitondra

Tsorina mazava, fa misy mpitondra eto migalabona amin'ny harembe sy fiadanana manoloana ny fahoriam-bahoaka. Misy mihitsy aza no manarontsarondresaka sy manodinkodin-dresaka fotsiny amin'ny adihevitra amin'ny tranga samihafa ilain'ny vahoaka vahaolana maika. Izy ireo dia na vondron'olona mpanohana fitondrana, toy ny nitranga teo anivon'ny fivorian'ny filankevitra monisipaly, izay miaro ny efa hita tsotra izao fa tsy mandeha amin'ny tokony ho izy. Toy izany koa ny eny anivon'ny Antenimerampirenena izay ny ankamaroany tsy hita miaro ny vahoaka intsony sy mitondra ny feony, fa mangina avokoa. Ny eny amin'ny Antenimerandoholona dia efa iaraha-mahalala tsara rahateo, fa loholon'ny fitondrana ireo fa tsy loholon'ny firenena. Ankoatra izay, hita sy re ihany koa izany amina adihevitra ataon'ireo olon'ny fitondrana. Mifampiaro amin'ny ratsy no saika hita sy re amin'ny fampitam-baovao samihafa ataon'izy rehetra ireny, ary alaviriny tanteraka ny fitsinjovana ny tombontsoam-bahoaka sy ny firenena. Tsy voahevitr'izy ireo sy ny fitondrana isolelahany izay hahasoa sy hahatsara ny vahoaka. Ny vahoaka izay mifafa ny kihony mihitsy eo amin'ny fiainany andavanandro noho ny fihetsik'izy ireo ihany. Asa izay mbola manaiky hofitahiny sy lalaoviny toy izao. Fantatra anie ny zava-misy any amin'ny misy azy ireo, ny fiaimpiainany andavanandro izay tena zary maneso ny vahoaka tanteraka. Ho azy ireo, ny vahoaka dia azo ampiesonina, azo anaovana resabe mampandry adrisa amin'ny fampanantenana poak'aty sy anipanipazana kely amin'ny sakafo kely sy vola kely tsy mahavita iray volana akory hanampena-maso azy sy mba hangina. Mazava loatra fa famitahana tsotra izao, miharo fihatsarambelatsihy izany atao amin'ny vahoaka izany. Tsy rariny izany ary tsy hitsiny. Aza adinoina, fa manana ny hasiny ity vahoaka ity sy ny tanindrazana onenany.

**Sôh'son**

Filoha Ravalomanana

# Vonona hanarina ny firenena latsaka anaty fahantrana lalina

Tonga niarahaba ny Filoha Marc Ravalomanana noho ny taona vaovao, no sady nandray ny toromarika avy aminy ny solontenan'ny antoko Tiako i Madakasikara (TIM), avy any amin'ny faritra Bongolava afak'omaly. Nankasitraka ny Filoha Ravalomanana izy ireo nandritra izany, nisongadina tamin'ny lahateny nifanaovana, fa mbola vonona hatrany hanarina ny firenena izay tena latsaka ao anaty fahantrana lalina sy an-katerena i Dada. Ny avy amin'ny TIM Bongolava kosa dia nanamafy fa vonona hatrany koa amin' ny fanabeazam-boho sy ny fameloma-maso ny antoko, sy ny fanamafisana ny fototry ny antoko any ifotony. Niatrika ny fotoana tamin'izany ny mpitarika ity antoko ity, avy amin'ireo distrika 2 mandrafitra ny faritra Bongolava dia ny distrikan'i Tsiroanomandidy, sy ny distri- kan'i Fenoarivobe. Mametraka fanantenana amin' ny filoha Ravalomanana izy ireo, fa tsy hitoka-monina intsony ny ankamaroan'ireo kaominina any Bongolava, rehefa ho tafaverina soa amantsara indray, eo amin'ny fitondrana atsy ho atsy ny filoha mpanorina ny antoko. Antoko anisan'ny lehibe indrindra eto amin'ny firenena ny antoko TIM hatramin'izao, koa manantena izy ireo fa ho tratra izany tanjona izany.

**Isambilo**



*Ireo mpitarika ny antoko TIM avy any amin'ny faritra Bongolava teny Faravohitra.*

Dis-TIM Manjakandriana

# Tsy diso anjara amin'ny fiarahabana ny filoha Ravalomanana

Tsy diso anjara tamin'ny fiarahabana tratry ny taona ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasiônaly, sady filoha mpanorina ny antoko Tiko i Madagasikara (TIM), teny Faravohitra, ny Dis-TIM any amin'ny distrikan'i Manjakandriana faritra Analamanga. Afak'omaly izy ireo, no tonga niarahaba sy nirary soa ho an'i Dada noho ny Asaramanitry ny taona vaovao. Voasolotena nandritra izany ireo kaominina mandrafitra ny distrikan'i Manjakandriana, na ny avy any amin'ny tapany avaratra : Vakinimananara, na ny avy amin'ny tapany atsimo : Vakiniadiana. Nisongadina nandritra ny fihaonana ihany koa, fa vonona ho amin'ny fameloma-maso ny antoko ny Dis-TIM Manjakandriana ary manohy hatrany ny fanamafisana ny fototry ny antoko, any amin'ireo fokontany sy ireo kaominina mandrafitra ny distrika.



*Ny Dis-TIM Manjakandriana, niarahaba ny filoha Ravalomanana teny Faravohitra.*

**Niaina**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fikaonandoham-pirenena

# Tsy azo ihodivirana raha tena misy ny fitiavan-tanindrazana

Manontany tena ny olompirenena maro amin'izao valoambinifolo volana mialohan'ny fifidianana izao, noho ny hetsika ataon'ny mpomba izao fitondrana izao, satria toa efa manomboka sahady ny fampielezan-kevitra. Araka ny filazan'ny ao amin'ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) moa dia tsy misy lalàna mamaritra ny vanim-potoana tokony hanaovana izany. Toa manamafy izany ny lahatsoratra ao amin'ny gazetin'izao fitondrana izao mivoaka isan'andro milaza, fa efa mifantoka any amin'ny fifidianana ho filoham-pirenena amin'ny 2023 ny maro amin'izao fotoana izao. Tsy azo adinoina anefa fa miteraka tsy fahamarinantoerana ara-politika eto amin'ny Firenena, ho an'ny mpitondra amin'izao fotoana izao, ny fisian'ny resaka « doublons » niisa roa hetsy sy iray tapitrisa (1 200 000) tamin'ny fifidianana fihodinana faharoa, kanefa dia namoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) didy tsy azo ivalozana fa lany ho filohan'ny Repoblika i Rajoelina Andry. Nanampy trotraka izany ny fitoriana aman-jatony napetraky ny kandidà maro teo anivon'ity Fitsarana ity momba ny tsy fanarahan-dalàna nandritra ny fifidianana ity, kanefa dia nambara fa « azo raisina fa tsy mitombona ». Efa aty aoriana vao nanadio tena ny filohan'ity fitsarana ity, rehefa tsy teo amin'ny toerana intsony ka nanambara indray fa: « tahotra ny mety hisian'ny korontana eto amin'ny Firenena no nandraisany ireny fanapahan-kevitra ireny ». Amin'izao fotoana izao dia mpiara-dia amin'ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, ny valo amin'ny sivy mpikambana ao amin'ity Fitsarana ity, ka azo antoka fa mbola hiverina ny toe-draharaha sahala amin'izany. Tamin'ny fifidianana ny taona 2018 iny ihany dia fantatra, fa nampanao ny Trano Printim-pirenena Karapanondrom-pirenena amina tapitrisa ny CENI. Iarahamahatadidy fa nesorina teo amin'ny toerany ny tale tao, ka nosoloina nanaiky ny nanonta ireo karapanondro voalaza etsy ambony ireo. Tsy misy afaka mandà fa olona mitondra ny lokon-doranjy avokoa ny mpikambana ao amin'ny CENI amin'izao fotoana izao. Nitsipaka ny fisian'ny « doublons » tamin'ny fifidianana farany ny filohan'ity andrim-panjakana ity. Raha ireo toe-javatra ireo dia efa mampanahy ny politisiana maro ny mbola hiverenan'ny fanitsakitsahana ny lalàna fototra momba ny fifidianana indray.

Ity rafitra ity ihany koa no manao ny lisitry ny mpifidy kanefa ny zava-nisy tamin'ny fifidianana Filoham-pirenena farany ihany dia nisy ny mpifidy tsy tafiditra tao anaty lisitra. Nisy koa anefa, tetsy ankilany, ireo olompirenena efa nodimandry na tsy ampy taona kanefa dia tao anaty lisitra, ka izany no anton'ny fitoriana aman-jatony voalaza ery ambony. Efa naverin'ny Distrika eny amin'ny Fokontany ny lisitry ny mpifidy ary efa misy ny fanentanana, mba hanamarinan'ny mponina raha ao ny anarany na tsia. Raha ny lalàna mifehy ny fifidianana dia isaky ny folo taona no havaozina ny lisitra ary efa tamin'ny 2012 ny lisitra ankehitriny, ka heverina fa tsy maintsy hatao araka izany ny fanavaozana (refonte) tanteraka ny lisitra. Mitaky ny hanaovana ny Fikaonandoham-pirenena ny hery velona rehetra mijoro eto amin'ny Firenena, tsy noho ny fiainam-pirenena sy fianam-bahoaka tsy mandeha amin'ny laoniny ihany, fa indrindra momba ny resaka fifidianana. Tsy handeha ila tahaka ny kiraron'i Beminahy ary mba tsy hiverenan'ny fahotana mahafaty tahaka izay nitranga tamin'ny fifidianana farany dia heverina fa tokony ary tsy maintsy hatao laharam-pamehana ny fikaonandoham-pirenena hanovàna tanteraka ny Lalàm-pifidianana sy hanendrena olompirenena tena manam-panahy sy marina ary tsy mitanila (honnête, intègre, impartial) ho ao amin'ireo Andrim-panjakana rehetra miandraikitra ny fifidianana. Hiankinan'ny aim-pirenena eo amin'ny sehatra rehetra ny vokatry ny fifidianana ka azo inoana fa, raha mbola tahaka izao zava-misy eto amin'ny Firenena izao no hiainan'ny Malagasy, kanefa hiziriziry tsy hanova na inona inona ny fitondrana, dia hitodika aty Madagasikara indray ny mason'izao tontolo izao. Tsy tongatonga ho azy izany firaisankina sy fifankatiavana ary fiaraha-mientana izany, fa mila fanetren-tena sy fanapahan-kevitra politika matotra avy amin'ny mpitondra, ka tsy ny mpanara-drenirano sy mpijapy lamasina no azo hantenaina eo amin'ny fanovàna takian'ny Firenena.

***Andry Tsiavalona***

Maroantsetra Analanjirofo

## Nanao fameloma-maso ny antoko TIM

Mihetsika amin'izao fotoana izao ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), any amin'ny distrikan'i Maroantsetra any amin'ny faritra Analanjirofo. Tontosa afak'omaly 2022 ny redynamisation ny antoko TIM, na ny fameloma-maso sy ny fanabeazam-boho ny antoko natsangan'ny filoha Marc Ravalomanana tany amin'ny distrikan'i Maroantsetra. Anisan'ny nitarika ny fotoana tamin'izany, ny depiote telo aloha voafidy tany amin'ny distrikan'i Soanierana Ivongo Mananjara Fidison, na ny depiote Rasomotra, no fahafantaran'ny maro azy ihany koa. Ireo mpitarika ny antoko any an-toerana aloha no niatrika ny fotoana tamin'izany. Nisongadina fa vonona ny mpitarika, vonona ihany koa ny mpikatroka amin'ny fikolokoloana sy fanomezana hery vao indray ny antoko TIM, vonona izy ireo ny amin'ny fiatrehana ireo fifidianana ho avy rehetra, indrindra ny fifidianana filohampirenena, hamerenana ny filoha Marc Ravalomanana indray eo amin'ny fitondrana.



*Ny fivorian'ireo mpitarika ny antoko TIM tany Maroantsetra.*

***Isambilo***

TANORA TIM ATSIMO ANDREFANA

# Miomana amin'ny fiatrehana ireo fifidianana ho avy

Miomana amin'ny fiatrehana ireo fifidianana ho avy ny Tanora Tiako i Madagasikara (TIM), any amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Mihetsika ireo mpitarika ny tanora TIM any Toliara sy ny manodidina, nisy ny fanomanana ho famelomamaso ny tanora TIM tany an-toerana, ahafahana miomana amin'ny fifidianana ho avy rehetra, tamin'ity herinandro ity. Ny tanora dia anisan'ny rafitra iray ao anatin'ny antoko, manana ny maha-izy azy ary ho solofo handimby ireo mpanao politika ao amin'ity antoko ity atsy ho atsy. Efa ao anatin'ny politikan'ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasiônalin'ny antoko TIM rahateo, ny fanomanana ireo taninketsan'ny antoko atsy ho atsy, tsy diso anjara amin'izany ny any amin'ny faritra Atsimo Andrefana.

***Stefa***



*Ireo mpitarika ny Tanora TIM any amin'ny faritra Atsimo Andrefana.*

TONONKALO

## NITENY IHANY NY VATO

Toy ny olona madio sy anjely no niseho tele,
Fa tena takona tanteraka irony loto marobe.
Tsy tongatonga ho azy akory ny fihetsika toy ireny,
Tera-kovitra ny "vato" ka najoro mba hiteny !

Tena toy ny olo-masina ilay niseho mba hojerena,
Fa nafenina tanteraka ilay mpibizina andramena.
Ny hany mba naderadera ho fanakonana ny vay
Dia "ilay mpanangana orinasa" tena kinga sy mahay !

Tsy hita firy notenenina izay mba asa soa nataony.
(Ny hangorona ho azy , izay no tena kilalaony !)
Ny hizara sy hanome dia tena zavatra tsy hainy.
Ny hitaona ho any am-pasana, izay no masaka ao an-tsainy!

…Tsy ilaina ny toy ireny mba ho hanadiovan-tena,
Fa ianao mpanefoefo, `ndeha vonjeo ny firenena.
Gasy maro no mahantra k`aza tia mamonkin-tanana.
Ny mizara ho azy ireo , izay no ataovy ho fiadanana.

Raha tanterakao izany dia mba hisy fifohazana.
Tsy ho "rambony" intsony i Gasikara tanindrazana.
Tsy hosokajiana intsony ho isan`ny mahantra indrindra,
Fa mba hanam-pivoarana sy fiainana mirindra !

**DADAN`i ZINA (06-04-22)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fihaonan'ny Tanora TIM faritra Atsimo Andrefana tany Toliara.





Ny fameloma-maso ny antoko TIM tany Maroantsetra faritra Analanjirofo.





Ny hetsika fitakiana vatsim-pianarana nataon'ny mpianatry ny ENS Ampefiloha omaly.










## NY TENY FIAINANA

*"Tandremo mba tsy hanao ny asan'ny fahamarinanareo eo imason'ny olona hahitany izany; fa raha tsy izany, dia tsy manana valim-pitia amin'ny Rainareo Izay any an-danitra hianareo".*
***Matio 6:1***

### Eric Rabesandratana sy ny PSG

# Hanangana PSG Académie eto Madagasikara

Talohan'ny nanendren'ny filohan'ny FMF, Arizaka Rabekoto Raoul azy ho mpanazatra ny Barea de Madagascar dia nisy ny fampanantenana nataon'i Eric Rabesandratana taminy, amin'ny maha-teratany Malagasy azy, ny faniriany hitondra ny traikefany hampandrosoana ny baolina kitra eto Madagasikara.
Nihaona tamin'ny tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny PSG Académie, Madame Nadia Benmokhtar izy, tamin'ny alarobia 30 martsa 2022 lasa teo, tany Boulogne Billancourt, amin'ny nahakapiteny azy fahiny tao amin'ny PSG, ka nanambarany ny faniriany hanangana masoivoho "filiales" maromaro amin'io PSG Académie io aty Madagasikara. Nanaiky izany Ramatoa Nadia, ka nanambara fa ho avy tsy ho ela aty Madagasikara hiaraka amin-dRabesandratana Eric, handinika sy hanatanteraka an'izany vina izany.
Nambaran-dRabesandratra Eric tamin'ny fitafana tamin'ny mpanao gazety nivantana, tamin'ny alalan'ny "Viséo Conférence" ihany koa tetsy amin'ny 67 ha omaly alarobia 06 aprily 2022, fa misokatra ho an'ny katitakely sy tanora Malagasy tia lalao baolina kitra rehetra ity Akademia PSG hantsangana ity ary hisokatra ho an'ireo efa ao anatin'ny "Académies" hafa ihany koa.
Ny tanjona, hoy izy, dia ny hampandeha lavitra an'ireo taninketsan'ny baolina kitra Malagasy, izay tsapany fa manan-talenta dia manan-talenta tokoa. Ao anatin'ity Académie hantsangana ity, no hanomanan'ireo tanora mpilalao baolina Malagasy ny fepetra takian'ny "Football de haut niveau" ankehitriny, amin'ny alalan'ny fanomezana azy ireo "sta-ges", "detection" ary fihao- nana iraisam-pirenena.
Hisy fampahafantarana ny minisitry ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy an'ity vina ity, amin'ny fandalovan'ny tompon'andrikitry ny PSG Académie eto Madagasikara.


*Ny PSG Académie any Boulogne Billancourt France.*

**Rainilita**

### Volley ball Analamanga 2022

# Lalao 3 no hanokafana ôfisialy azy amin'ny alahady izao

Lalao 3 no hanokafana ôfisialy ny fifaninanana fiadiana ny ho tompondakan'ny ligin'ny volley ball eto Analamanga, amin'ny alahady 10 aprily 2022 ho avy izao, eny amin'ny kianja Akany Sambatra Itaosy manomboka amin'ny 8 ora maraina :
T1 2DM BKMV - CVBA/CSA - ASSM.
T2 2DM ASI - JSA/MVB-HZMA2.
T3 2DM MVBC-HZMA1/SDV-RVB.
Marihana fa tokony ho efa hanana licence ara-dalàna vita «enregistrement » sy misy « assurance » sy « visite médicale », ireo milalao rehetra miakatra kianja amin'io fotoana io, araka ny fanamarihana nomen'ny filohan'ity ligy ity, Raharimalala Léa.
Ny daty farany fanaovana « mutation interligues » kosa anefa dia hahemotra amin'ny 31 mey 2022 ho avy izao.

**Rainilita**


*Volley- ball Analamanga teny Itaosy.*

### Rugby "Trophy Barthés 2022" zone Nord

# Any Nairobi Kenya no fotoana amin'ny 9-17 aprily 2022



*Trophy Barthés 2022.*

Any Nairobi Kenya, amin'ny 9 ka hatramin'ny 17 aprily 2022 ho avy izao no fotoana, hanatanterahana ny fifaninanana lalao rugby "Trophy Barthés 2022 zone Nord", natokana h oan'ny sokajy U 20 aty Afrika . Namibie, Zambie, Ouganda, Kenya, Tunisie, Madagascar, Côte d'Ivoire ary Zimbabwe no hanana ekipam-pirenena hifaninana amin'izany.
Rugby Africa Men's Sevens Uganda Kampala 2022
Mahatra 13 ireo hifaninanana amin'i Madagasikara Eo amin'ny fifaninanana " TOURNOI DE QUALIFICATION DE LA COUPE DU MONDE RUGBY à 7 » kosa dia ho tontosaina any Kampala renivohitr'i Ouganda amin'ny 23 sy 24 aprily 2022 ho avy izao izany fifaninanana izany, ka fantatra fa ekipam-pirenena mahatratra 23 (Ouganda mpampiantrano, Sénégal, Ghana, Tunisie, Zambie, Maurice, Namibie, Kenya, Caméroun, Burundi, Botswana, Zimbabwe ary Burkina Faso), no hiaraka hifanandrina amin'ny Makis à 7 Malagasy amin'izany.
16 ireo mpilalao Malagasy voafantina farany hiatrika an'izany fifaninanana izany, izay tarihan'ny mpanazatra nasiônaly Berthin Zoto.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Ravimbomanga sy henomby ary angivy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao rony izany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Miaro amin'ny homamiadan'ny tsinay ny kônkômbra


Miaro amin'ny homamiadan'ny tsinay, na ny cancer ny tsiany ny kônkômbra, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ankoatra izay, ben y zava-tsoa azo avy amin'ny kônkômbra : "Anti oxydant" : miaro amin'ny fahanteran'ny sela ; "anti- inflammatoire", na miaro amin'ny fanaintainana ; tsara ho an'ny nify ; tsara ho an'ny hoditra ; mampidina ny "triglycérides" na menaka, manala tavy; mampihena vatana. Manampy amin'ny fandevonan-kanina ; manala ny menaka tsy ilan'ny vatana; mampilamina ny tahan'ny siramamy ao amin'ny rà. Manadio ny ao anatin'ny vatana: manala ny loto. Tsara hoan'ny fo: miaro amin'ny aretin'ny fo. Miaro ny volo tsy hihintsana : mahatsara ny volo. Tsara hoan'ny olona marary vavony : manasitrana aretim-bavony. Tsara hoan'ny olona misy "cancer" ny tsinay: miaro amin'ny "cancer" ny tsinay.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Maromavo any amin'ny distrikan'I Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'i Maromavo any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Maromavo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any andrefan'ny faritra Melaky no misy azy. Tsy mbola azo lazaina ho avo toerana izy, satria 55 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any Maromavo ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga, ny katsaka. Mpiompy omby ihany koa ny mponina any Maromavo.



DR BARINIAINA FIDY

# Aretina afaka miara-miaina amin'ny Malagasy ny coronavirus

Zakan'ny Malagasy sy ny Afrikanina ny mitakosina sy miara-miaina miaraka, amin'ny aretina Coronavirus ary azo sokajiana toy ny aretina mpahazo ny olona isan-taona toy ny Gripa, Kitrotro, Tazomoka… ity aretina ity, hoy ny Dokotera Bariniaina Fidy. Nanohy fanazavana ity mpitsabo ity, fa tsy zakan'ny toe-karenan'i Madagasikara intsony ny fisian'ny fihibohana, fa ny fametrahana fepetra fiarovana, ho fisorohana ny fiparitahan'ny aretina no tokony hamafisina foana. Nanamafy i Dr Fidy, fa tsy nandripaka olona betsaka taty Afrika ny aretina Coronavirus, raha nampitahaina amin'ireo Kaontinanta hafa toa an'i Eoropa sy i Amerika satria firenena tanora sy mampiasa vatana ny mponina, tsy mampiasa fanafody be loatra, mbola madio ny tontolo iainana, kelikely vatana sady mihinana sakafo vaovao, hany ka mahazaka miara-miaina amin'ny aretina Coronavirus ny Afrikanina amin'ny ankapobeny. Nilaza anefa ity mpitsabo ity, fa tokony hitandrina hatrany i Madagasikara, satria mbola tsy resy tanteraka ny aretina satria mbola miakatra ny tahan'ny Coronavirus any Eoropa amin'izao fotoana izao ary miditra amin'ny fepetra fihibohana i Sina. Nilaza i Dr Barinaina Fidy, fa hiakatra tsikelikely ny tahan'ny aretina Coronavirus satria hifandray amin' ireo firenena any ivelany i Madagasikara, noho izany tokony efa hiomana sahady amin'ny fanamafisana ny fampiharana ny fepetra ara-pahasalamana, satria any amin'ny volana Jolay na Aogositra 2020 ho avy izao dia mety ho tonga any amin'ny hery faran-tampony ity aretina ity tahaka ny fivoarany tamin'ny taona 2020 sy ny taona 2021 lasa teo.



*Dr Fidy Bariniaina.*

***Franck Razakambelo***

Nidonan-tsetroka koa ny tetsy Ampefiloha

# Nitaky ny vatsim-pianarany 5 volana tsy voaloa ny ENS

Nitaky ny vatsim-pianarany 5 volana tsy voaloa ihany koa ny mpianatry ny ENS (Ecole Normale Superieure) etsy Ampefiloha omaly, izany dia miaraka amin'ny fampitaovana na equipement, izay tokony ho azon'ny mpianatra isan-taona. Nidonan-tsetroka ihany koa ny tetsy Ampefiloha omaly, satria nandoro kodiarana ireo mpianatra naneho ny tsy fahafaliany noho ny tsy fandoavan'ny tompon'andraikitra ny zon'izy ireo. Arak'izany, taorian'ny hetsika fitakiana nataon'ny mpianatra teny Ankatso afak'omaly dia nanao hetsika fitakiana ny handoavana ny vatsim-pianarana nandritry ny 5 volana izay mbola tsy voaloa ihany koa ireo mpianatry ny ENS Ampefiloha . Tonga teny an-toerana ny mpitandro ny filaminana nandamina izany, satria nanapaka ny lalana teny an-toerana ny hetsik'ireo mpianatra. Miseho lany ihany hatramin'izao, fa fitondrana tsy mahaloa volan'olona ity fitondrana Rajoelina ity.


***Niaina***



*Ny hetsiky ny mpianatra tetsy amin'ny ENS Ampefiloha omaly.*

Fiadidiana ny Repoblika

# Voadaka tsy ho talen'ny serasera i Soatiana



*Ny talen'ny seraseran'ny fiadidiana ny Repoblika teo aloha.*

Voadaka, na nesorina tsy ho talen'ny serasera intsony ao amin'ny fiadidiana ny Repoblika i Soatiana Rajoelisoa, hisolo azy amin'izany toerana izany i Lova Hasinirina Ranoromaro, izay talen' ny kabinetran'ny fiadidiana ny Repoblika teo aloha ihany. Noho izay fanalana azy tamin'ny toerany izay, nisy ny fanambarana nataon'i Soatiana tamin'ny pejy FB-ny, izay milaza fa mifarana ny andraikitra maha Talen'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe azy teto anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika. Nisaorany ny fitondrana sy ny mpiara-miasa aminy. Nanambara koa izy fa hisafidy hiasa eto Madagasikara hatrany ary hanohy an'izay.

Hita amin'izao fanendrena izao, fa tsy manana olona mihitsy izao fitondrana Rajoelina izao, satria dia ny eo ihany no eo, hisolo an'i Lova Hasinirina Ranoromaro, ho talen'ny kabinetran'ny fiadidiana ny Repoblika kosa ny ministra teo aloha Baomiavotse.

***Stefa***

Serasera

# Marary mila tolo-tanana ny mpanao gazety Ony Rambelo

Marary mila tolo-tanana amin'izao fotoana izao ny mpanao gazety Ony Rambelo, mpanao gazety tao amin'ny radio RDJ, Iarivo Radio amin'izao fotoana, ary efa mpanao gazety sy tonian-dahatsoratra teto amin'ny gazety Valosoa koa izy. Araka ny vaovao nampitain'ny filohan'ny Cellule de Crise ny asa fanaovan-gazety, Heninkaja Rakotomanantsoa:"tsy salama ny Mpanao Gazety Ony Rambelo, araka ny fampitam-baovao avy amin'ireo namana ao amin'ny Iarivo Radio 95.6 Fm. Tamin'ny Zoma teo izahay no nihaona tamin'ny fanamarihana ny faha-2 taonan'ny Onjam-peo iasany, niaraka nanao Vaovao. Tena namana ity zoky mpanao gazety ity, mila fandidiana izy, mila tolo-tanana. Manainga antsika mpanao gazety rehetra hiray hina, manainga ny rehetra malala-tanana koa hanampy azy. Azo halefa amin'ity ny fanampiana: Mvola, laharan'ny finday, izay raisin'ny zanany: 0340255424".

Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fahasalamana ho an'ny namana Ony Rambelo.

***Niaina***



*Ny mpanao gazety Ony Rambelo.*

Orange Pro League 2021/2022

# Hafanafana ireo lalao Playoffs miisa 4 hatrehana

Hafanafana tanteraka ireo lalao 4 hatrehana, eo amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League 2021/2022" dingana 1/4-dalana na Playoffs mandroso, izay ho tanterahihna amin'ny alahady 10 aprily 2022 ho avy izao, samy hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro avokoa.

Marihana fa eny amin'ny "Kianja manarapenitra Mahitsy", no handraisan'ny Cosfa Football (faha-3 tao amin'ny "Conférence nord" ny Cffa Andoharanofotsy faha-2 tao amin'ny "Conférence sud".

Eny amin'ny kianja "Stade synthétique Ambohidratrimo" kosa no handraisan'ny Ajesaia Bongolava (faha-4 tao amin'ny "Conférence nord", ny Elgeco Plus (voalohany tao amin'ny "Conférence sud".

Eny amin'ny kianja "Elgeco Plusstadium By-Pass" indray, no handraisan'ny Disciples Fc Analamanga (faha-3 tao amin'ny «Conférence sud »), ny As Fanalamanga Alaotra Mangoro (faha-2 tao amin'ny « Conférence nord ».

Any amin'ny kianja « Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa » kosa, no handraisan'ny A.Dato Fc Farafangana 309 (faha-4 tao amin'ny « Conférence sud », ny Fosa Juniors Fc (voalohany tao amin'ny « Conférence nord »).

***Rainilita***



*Kianja Manarapenitra, anisan'ny handray ny Playoffs ny alahady izao.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 02/04/2022 hatramin'ny 09/04/2022**

- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC prËs station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **PROVIDENCE** (Andohan' Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1283-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Vazahabe sy Ravatomanga

# Izy ireo ihany no namoaka tsy sazoka ny tokony nafenina

Sahirana tanteraka ny fitondrana ankehitriny, satria mivoaka avokoa ny nafenina rehetra, tonga amin'ilay fitenenana manao hoe : '' lainga marivo tototra ka hehezin'ny akoho tokana anaka '', ny vahaolana ataon'ireo mihevitra azy ho manana andraikitra dia ny miakatra fahitalavitra, mividy fandaharana manokana hanadiovan-tena sy hanatsarana endrika ny fitondrana tsy mahomby, saingy indrisy fa vao mainka miha-ratsy sahala amin'ny amboa nosasana, satria tsy ampy fahalalana amin'ny fifehezana ny serasera, ny vokany dia aotra e ! miboridana tanteraka, raisim-potsiny, f'ilay fanadiovan-tena noho ny tsy faharanitan-tsaina dia mivadika ho fiampangantena, ireo mpanao gazety mpanontany ihany koa na dia fantany aza fa nandoa volabe ilay vahiny dia tsy maintsy manao ny asany araka ny tokony ho izy ary niezaka nampiseho ny mahamatihanina azy ireo, na dia tsapa aza fa somary tsy dia nasiaka loatra .

Ingahy Ravatomanga ilay mpanolotsaina mpanankarembe mifehy ny harenantsika malagasy sy Ingahy Mera vazahabe, no nifandimby niseho fahatalavitra, kanefa dia tena tsy ao e! nantenainkanirina kanefa vao mainka koa nampivandravandra, izy ireo ihany no namoaka tsy sazoka ny tokony nafenina mafy.

Fa tsy ireo ihany fa mba nirotsaka nanao fanambarana ihany koa Ingahy Richard Randriamandranto, ilay minisitra nahatonga ny harempirenentsika ho lasa tantely afa-drakotra, fony izy minisitra niadidy ny fitantanambola, noesorina vetivety tao amin'ny governemanta avy eo dia notendrena indray ho minisitra miadidy ny raharahambahiny, nisolo an'ilay tsy mahay teny malagasy afa tsy teny ratsy, tsy mahagaga raha niaro be fahatany ny hevitry ny fitondrana Ingahy Randriamandranto, momba ny zava-mitranga any Ukraine, kanefa dia mety ho poizina ho an'ny firenena ny teny nataony.

Ingahy Edgard Razafindravaha indray, dia miezaka manarina ny vava tsy ambin'Ingahy filoha , izay sahy nilaza fa ho avy tsy ho ela hono ny sambo roapolo, sy ny hoe roa taona hono vao vokatra ny vary, k'aleo manafatra vary miampy ireo entana mety ilaina amin'ny fiainana andavanandro ankehitriny, Ingahy minisitra dia manao hevitra taingina ihany koa, ka ho fehezina hono ny vidin'entana , asa raha mba takatr'Ingahy minisitra fa amin'izao andron'ny fanalalahana izao dia tsy ilaina intsony ny famerana ny vidin'entana.

Ny azo amehezana ireo voalaza ireo dia efa manomboka miha-vizana ilay fitondrana azo tamin' ny hala-bato ary ireo nahazo tombony be tao ihany no manao tsipaky ny miala aina sady mangady ny fasana ilevenany.

***Ny Valosoa***

Kaominina Ankilizato Menabe

# Nihena ny tsy fandriampahalemana tao anatin'ny tapabolana

Nahitana fihenany 80% ny trangana tsy fandriampahalemana tao anatin'ny tapabolana raha ny voalaza, any amin'ny kaominina Ankilizato distrikan'i Mahabo, faritra Menabe. Noho ny vokatra azo tamin'ny tagnamaron'ny fandriampahalemana, natao tao amin'ny kaominina ambanivohitra Ankilizato dia velom-pisaorana ireo lehiben'ny fokontany 28 ao anatin'ny kaominina ambanivohitra Ankilizato, azo tsapain-tanana hoy izy ireo ny vokatra. Disoin'izy ireo kosa ny feo miely milaza, fa misy olom-boafidy ambadik'io tsy fandriampahalemana tao an-toerana io, satria maro ireo efa tratra nefa tsy nisy nanonona olomboafidy na iray aza, poforon'izany ireo izay namolo olona feno habibiana sy fangalana maso ary ireo mpanao fira ambany, na kidnapping, izay efa tratra dia toa disadisam-pianakaviana sy fiarahamonina no antony. Manomboka miverina amin'ny fiainana andavanandro tsikelikely arak'izany ny mponina ao Ankilizato, raha nandry tsy lavo loha teo aloha.

***Rajepa***





***Ny Lapan'ny Tanànan'Ankilizato any Mahabo, Menabe.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 390**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0389)

***Mitsivalana***
- Sambotra
- AA – Hao (miv)
- Amiraly
- Ozinina
- Kira (miv) – Aia?
- Tana
- Rano

***Mitsangana***
- Soa – Ota (miv)
- Mora
- Maizina
- Barika
- AN
- Toliara
- Rainy
- Ha (miv) – Aato

## TENY MIFANAPAKA N° 390




**Mitsivalana**

**1.** Zava-maneno tsofina – Renintsoratra mifanaraka **2.** Lehiben'orinasa (BL) – Mpanondro manolotra – Mpanondro **3.** Adidy masina – Matanjaka 4. Fanontaniana – Neniny **5.** Solfà – Mitovy **6.** Hekitara – Solontena **7.** Kianteny – Nefa **8.** Lazao **9.** Fiandohan'ny fararano – Kivy, tsy sahy intsony **10.** Vahoaka marobe ao amin'ny fokontany

**Mitsangana**

**A.** Tsipahana **B.** Esorina – Tolory **D.** Henoko **E.** Hanina **F.** Maina tanteraka – Hatsiaka (miv) **G.** Otronina **H.** Ianao sy izy ireo, mpisolo tena **I.** Ravo (miv) – Mitempo **J.** Ray amandreny sy zanaka – Anaty rano **K.** Tany kely – Gia

### Valiny Teny mifanaraka 0389

**Mitsivalana**

**1**.Filaharana **2**. Ar - Mena - IT **3**. Herinandro **4**. Orinasa - Do (miv) **5**. Ti - Ady **6**. Arahaba **7**. Mey (miv) - vano **8**. Alaotra (miv) - Ma (miv) **9**. O.I - Nono **10**. Nafoy - Azia

**Mitsangana**

**A** Fahotana **B**. Irery - Roa **D**. Ry - Fitia (miv) **E**. Aminareo **F**. Hena - Amany **G**. Hosana (miv) - Lo **H**. Rana - Avana **I**. Aba - Zo (miv) **J**. Nirodana **K**. Atody - Ompa

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo, Njaka

Ny mpitarika ny antoko TIM avy any amin'ny faritra Bongolava, niarahaba ny filoha Ravalomanana tratry ny taona, teny Faravohitra.





Ny Dis-TIM Manjakandriana, nifampiarahaba tratry ny taona tamin'ny filoha Ravalomanana, teny Faravohitra.










## OFFRE D'EMPLOI

UNE SOCIETE VEUT ETOUFER SON EQUIPE COMMERCIALE CHERCHE HOMMES DE TERRAIN :

**PROFIL :**

1 - BAC +2 MINIMUM EN : GESTION, COMMUNICATION ou COMMERCE.

2 - PERMIS DE CONDUIRE A' (MOTO).

3 - HOMMES AGES DE 25 A 35 ANS.

VEUILLEZ ADRESSER VOTRE DEMANDE D'EMPLOI ET VOTRE C.V. (insérer votre contact /numéro de téléphone pour contact rapide) A L'ADRESSE MAIL :

« dinarandriatsarafara3333@gmail.com »